



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavene - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-34

**FIFIDIANANA IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA ROA (02)  
TOMPON-TOERANA SY IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA ROA (02)  
MPISOLO TOERANA HO ENY ANIVON'NY FITSARANA AVO**

Fivoriana faha-21  
Natao ny  
Alarobia 4 Desambra 2019  
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica  
- ANGELE Solange

**FOTOANA:** Alarobia 4 Desambra 2019, tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (02) tompon-toerana sy ireo Solombavambahoaka roa (02) mpisolo toerana ho eny anivon'ny Fitsarana Avo.

Nitohy ny Alarobia 4 Desambra 2019, tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Fiarahabana ny mpivory no voalohan-teniny. Nambarany taorian'izay, fa ny fandaharam-potoana anio dia fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (02) tompon-toerana sy ireo Solombavambahoaka roa (02) mpisolo toerana hisolotena ny Antenimierampirenena eny anivon'ny Fitsarana Avo.

Taorian'izay, nandroso soso-kevitra amin'ny fomba hanaovana ny fifidianana, Andriamatoa Filoha; nambarany tamin'izany fa sady mandatsa-bato ny Solombavambahoaka no manao ny fanamarianana ny fahatongavany.

Rehefa izany, nianagaviany ny Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-136, laharana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, izay mivaky toy izao:  
Misy mpikambana iraika ambinifolo ao amin'ny Fitsarana Avo. Ireto avy izy ireo:

.....

4- Solombavambahaka tompon-toerana roa (2) sy Solombavambahoaka mpisolo toerana roa (2) nofidin'ny Antenimierampirenena amin'ny fiantombohan'ny fe-potoana fanaovan-dalàna.

.....

Nomarihan'Andriamatoa Filoha, taorian'izay fa miisa 2 ny Solombavambahoaka nilatsaka hofidina ho tompon-toerana ary telo kosa ny mpisolo toerana.

Ireto avy no anaran'izy ireo; ho an'ny tompon-toerana:

- Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- Andriamatoa IDEALSON.

Ho an'ny mpisolo toerana kosa,

- Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa DARKHAOUI Siritis

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fampahafantarana momba ireo Solombavambahoaka ireo ny mpivory, ka 5 minitra isaky ny kandida no hanaovana ny fampilezan-kevitra.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, nilaza izy fa hisintona ny filantsahan-kofidian'ny kandida mpisolo toerana avy amin'ny GRP, amin'ny anaran'Andriamatoa DARKHAOUI Siritis.

Mitso-drano ho an'ireo mpilatsaka hofidina satria zava-dehibe ny andraikitra hosahanin'ireo Solombavambahoaka ireo rehefa mandray ny asany.

Mankasitraka izay voka-pifidianana hitranga eo izahay ary mametraka ny fialan-tsiny satria tsy hanatrika izany fifidianana izany.

Nanaiky izany, Andriamatoa Filoha ary nanome alalana azy ireo hivoaka ny efitrano.

Nanao satroka koa Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nilaza fa tsy manana kandida hatolotra amin'izao fifidianana izao. Tahaka ny teo aloha, mitso-drano an'ireo kandida natolotra koa izahay ary hivoaka ny efitrano fivoriana ihany koa.

Misaotra anareo, ary omen-dalana koa ianareo, hoy Andriamatoa Filoha.

Mbola nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nambarany fa fifidianana no hatao eto, tsy maintsy ho lany ianareo ary mitso-drano anareo sahady hahavita ny adidy masina hiantsohanareo izahay.

Misy 10 no isanay Solombavambahoaka tsy ao anaty Vondrona Parlemantera, tsy hivoaka ny efitrano izahay fa hanao adidy; izany hoe handray anjara amin'ny fifidianana hatao eto androany izahay.

Mba hampangarahaha ny fifidianana, aleo atao ihany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nilaza fa tokony hataon'ireo Solombavambahoaka kandida ao anaty fampielezan-kevitra hataony ny momba ny asa hosahaniny any amin'ny HCJ mba hahalalan'ny rehetra izany.

Nanolo-kevitra, Andriamatoa Filoha, fa tokony hatao ny fiantsoana anarana alohan'ny fifidianana.

Natao ny fiantsoana anarana ka samy nanonona ny laharany avy ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa olona efa fantatra daholo ireo, noho izany, tsy tokony hisy intsony fampielezan-kevitra satria handany andro ny fanaovana izany. Aleo aroso ny fifidianana raha azo atao ary ny Solombavambahoaka hanolotra azy ireo ihany no hohenoinay.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa nisy nangataka fanazavana mikasika ny andraikitr'ireo olona ireo rehefa any amin'ny HCJ ka izay no tokony hatao.

Taorian'izay, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré no nanao ny fampafantarana an'Andriamatoa isany: RIVOTIANA Richard Jean Bosco sy IDEALSON.

Nandray fitenenana, Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, nanazava fa manana solotena roa tompon-toerana, roa mpisolo toerana any amin'ny HCJ ny Antenimierampirenena, izay fidina manomboka amin'ny fiandohan'ny fotoam-piasana ary tapitra izany rehefa mifarana ny "mandat"-ntsika.

Mitsara ny Lehiben'ny Andrimpanjakana rehetra, toy ny Filohampirenena, ny Praiminisitra, ny Filohan'ny HCC, ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Filohan'ny Antenimierandoholona ary ny mpikambana amin'ireo Andrimpanjakana ireo, izay no asan'ny HCJ raha atao amin'ny ankapobeny.

Nilaza kosa Andriamatoa IDEALSON, araka ny andininy faha-106 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia milaza fa eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, ny fitsarana dia avoaka amin'ny anaran'ny vahoaka ary avoakan'ny Fitsarana Ambony sy ny Fitsarana Avo izay hifidianantsika solotena eto. Miisa 11 ny mpikambana ao amin'ny HCJ, mifidy efatra isika amin'nizao foandohan'ny asantsika izao. Roa tompon-toerana, roa ihany koa mpisolo toerana. Tahaka ny antsika koa ny an'ny Antenimierandoholona.

Araka ny voalazan'ny namana teo aloha, ny asa sahaniny ao anatin'io Andrimpanjakana io amin'ireo fandikan-dalàna na ady heloka mety hataon'ireo olona voatanisa ireo.

Mampanantena anareo izahay, fa tsy handraraka ilo mby an-doha amin'ny asa hosahaninay any amin'ny HCJ io.

Taorian'ny fampahafantarana ireo kandida tompon-toerana, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa indray no nanolotra ny kandida roa ho mpisolo toerana dia Ramatoa isany:

- Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Marihana fa tsy tonga nanatrika ny fifidianana Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia, noho tsy fahafahany namonjy izany.

Nomena fitenenana, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina ary nilaza, fa vonona hiantoroka izany adidy izany izy; olona mahatoky sy mijoro amin'ny fahamarinana. Nomarihany, fa tsy ho menatra amin'ny asa hataony ny Antenimierampirenena; olona mahitsy izy ka vonona lalandava.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka ary nitondra fanazavana tahaka izao izy amin'ny ho fizotran'ny fandatsaham-bato:

Natao hampiharana ny andininy faha-200 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izao fifidianana atao izao.

Mangataka Solombavambahoaka 4 hiakatra etỳ hanatanteraka izany.

Mifidy anarana roa (02) ho amin'ny tompon-toerana (deux titulaires) ary anarana roa (02) ho an'ny mpisolo toerana (deux suppléants) ny Solombavambahoaka.

langaviana, noho izany, ny Mpitantsoatra, hanonona tsirairay ny anaran'ny Solombavambahoaka handatsa-bato.

Marihana fa misy vata fandatsaham-bato roa manoloana antsika eto, ny iray ho an'ny tompon-toerana, ny faharoa ho an'ny mpisolo toerana.

Izay voaantso ny anarany, iangaviana mba handroso etỳ anoloana, haka ny taratasim-batom-pifidianana (bulletin unique), ho an'ny tompon-toerana ary mankao amin'ny "isoloir" ato ankavia. Marihantsika eo amin'ny faritra mifanila misy ny anarana izay hofidiansika. Vita izay, alatsaka ao anaty vata mangarahara izay natokana ho an'ny mpilatsaka hofidina ho tompon-toerana ny vato.

Rehefa vita izay, maka taratasin-datsabato ho an'ny mpisolo toerana indray isika ary miverina ao amin'ny "isoloir" ato ankavanana, manamarika amin'ny faritra mifanila misy ny anaran'ny mpilatsaka hofidina. Avy eo, mandrotsaka izany ao amin'ny vata fandatsaham-bato natokana ho an'ny mpilatsaka hofidina mpisolo toerana.

Taorian'izay nanao satroka Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, nangataka amin'ny hampiarahana ny fifidianana hatao mba hampakaly ny fotoana.

Raha io fandamianana natao io, efa miaraka izy roa ireo ary vita indray mandeha ihany, hoy Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany niangavy, Solombavambahoaka efatra, Andriamatoa Filoha, mba hanara-maso ny latsabato ary ny Mpitantsoatra mba hanonona ny anaran'ny mpandatsa-bato.

Ireto ireo Solombavambahoaka nanatontosa izany:

- FAMINDRA Justin
- RAFIDIMANANA Narson
- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine

Rehefa vita ny fanisam-bato dia toy izao no vokatry tamin'izany, ho an'ny kandida tompon-toerana.

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 57

Vato maty: 00

Vato fotsy: 00

Vato manan-kery: 57

- Vato azon'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco: 55
- Vato azon'Andriamatoa IDEALSON: 54

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho tompon-toerana eny anivon'ny Fitsarana Avo, ny Solombavambahoaka isany:

- RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- IDEALSON

Ho an'ny mpisolo toerana kosa, toy izao no vokatry ny latsabato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 57

Vato maty: 00

Vato fotsy: 00

Vato manan-kery: 57

- Vato azon-dRamatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia: 54
- Vato azon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina: 53

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho mpisolo toerana eny anivon'ny Fitsarana Avo, ny Solombavambahoaka isany:

- MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Ireo izany hoy, Andriamatoa Filoha no Solombavambahoaka roa tompon-toerana sy roa mpisolo toerana voafidy hisolotena ny Antenimierampirenena eny amin'ny Fitsarana Avo.

Taorian'izay, niarahaba sy nirary soa ho azy ireo hahavita be amin'ny adidy goavana hosahaniny, Andriamatoa Filoha.

Nitovy ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka RIVOTIANA Richard Jean Bosco sy RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, naneho fisaorana tamin'ny fitokisana napetraky ny Solombavambahoaka tamin'izy ireo tamin'ny fahalaniany ho solotenan'ny Andrimpanjakana misy azy ireo ho amin'izany toerana izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, fa aorian'izao fivoriana izao dia tokony handinika ny tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL tamin'ny 20 Novambra 2019 "relative à la production et à la commercialisation du Toaka Gasy, présentée par le Député RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle" ny Solombavambahoaka.

Tsy tontosa anefa ny fivorian'ny vaomiera tokony handinika izany noho ny tsy fahatongavan'ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna. Teo koa ny tsy fahavononan'ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta.

Noho izany, ahemotra ny fandinihana an'io Tolo-dalàna io.

Niato tamin'ny 7 ora sy 50 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**RASOLONJATOVO Honoré**

**NY FILOHA**  
p.o  
  
**RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**